# FID'actus

FONDS D'INTERVENTION POUR LE DEVELOPPEMENT

n°21 • Desambra / Décembre 2025

HARATON'AINA
Filets de Sécurité et de Résilience





## Haraton'aina :

## Mifandrindra amin'ny fahaleovantena ara-toekarena ny Tosika fihariana

*Filets sociaux : Fonds de soutien rime avec autonomie économique* 6



**Mijery lavitra ho an'ny fahombiazana : ireo tokantrano no mamolavola ny lalan'ny fiovany**

*Se projeter pour réussir : les familles tracent leur propre trajectoire de changement*

8



**Fanontaniana 3 ho an'i … / 3 questions à … Jean Efrahim mpisitraka / bénéficiaire Asa Avotra Mirindra - Namorona, Manakara, Fitovinany**

5

# **Stratégie de sortie des programmes des ménages bénéficiaires :** Appui au développement d'activités économiques

## Fonds de soutien

Un **Fonds de soutien** est octroyé aux ménages ayant bénéficié de Asa Avotra Mirindra, Vatsin'Ankohonana et Fiavota pendant plus de trois ans afin qu'ils s'engagent dans des activités génératrices de revenus. Les ménages bénéficiaires des transferts monétaires en réponse à la sècheresse (TMNC PSRC) reçoivent également un fonds de soutien à la fin du programme.

L'allocation est payée en deux tranches : la première est effectuée après validation de la fiche de projet et la deuxième est uniquement versée aux ménages ayant démarré leurs petits projets.

Montant de la première tranche
**140 000** Ariary

Montant de la deuxième tranche
**70 000** Ariary

Nombre des fiches de projet élaborés et réalisés
**240 788**

Nombre des ménages bénéficiaires *Asa Avotra Mirindra*, *Vatsin'Ankohonana* et *Fiavota* ayant reçu les deux tranches
**151 747**

Nombre de ménages bénéficiaires des TMNC PSRC ayant reçu les deux tranches
**50 514**

## Bourse productive

Dans la même optique, une **bourse productive** a été attribuée aux ménages bénéficiaires des filets sociaux urbains,

Montant du transfert :
**360 000** Ariary

Nombre des ménages bénéficiaires ayant reçu le transfert :
**24 820**

Nombre de ménages bénéficiaires des filets sociaux urbains :
**32 591**

*Source : Rapport d'achèvement et résultats du projet Filets Sociaux de Sécurité | Période : 2016 à 2025*

## Matoan-dahatsoratra

# Ny fiovan'ny toe-tsaina sy ny fampiatiana ara-toekarena : Fototry ny fampandrosoana maharitra sy sandatohitra

*"Ny zava-drehetra dia foronina indroa avokoa, voalohany ao an-tsainao, ary avy eo amin'ny tontolo ivelany."* Ity tenin'i Robin S. Sharma ity dia mampiseho ny lalan-tsaina tian'ny FID hampitaina amin'ny alalan'ireo asa iantsorohany.

Manoloana ireo fanamby ara-toekarena, ara-tsôsialy ary ara-tontolo iainana, ny fiovan'ny toe-tsaina no dingana voalohany tsy azo ihodivirana raha te-hiroso amin'ny fiovana maharitra. Midika izany fa tokony havaozina ny fomba hisainana ny ho avy, hitrandrahana sy hampiroboroboana ireo loharanon-karena misy sy hahasahiana manosika ny fetra. Ny fanohanana ireo mpisitraka, amin'ny alàlan'ny fampitàna ireo fahaiza-manao, dia mamboly toe-tsaina miabo, mamorona sy matoky tena. Mianatra mandrafitra vina ireo ankohonana, ka mametraka ny paik'ady ahafahany manantanteraka izany, mitady ny vahaolana rehetra mety ilaina ary mandray andraikitra feno amin'ny fahombiazany.

### Ny fampivoarana ny maha-olona no miteraka fampandrosoana maharitra

Ny fanohanana ireo vondrom-piarahamonina mpisitraka amin'ny fanatanterahana tetikasa mampidi-bola dia sady mampiroborobo ny fampiatiana no manetsika ny toe-karena eo an-toerana, izay mitarika mankany amin'ny fihatsaram-piainana maharitra. Tsy vitan'ny hoe manamafy ny fahaleovantenany ara-bola fotsiny fa manohana ihany koa ny hasin'ny maha olona sy ny fahatokisan-tena. Ireo tetikasa madinika eny anivon'ny fiarahamonina dia mamorona asa mivantana na tsy mivantana, mampiodina ny toekarena ary manamafy ny firaisankina. Miankina indrindra amin'ny fampivoarana ny maha-olona ny faharetan'ny fiovana sy ny fahafahana miatrika tranga sarotra, ny famolavolana fomba fijery vaovao ka ho sahy hiatrika ary hiady ho amin'ny fahombiazana.

## Editorial

# Du changement de mentalité à l'inclusion économique : les fondations d'un développement durable et résilient

*« Tout est créé deux fois, tout d'abord dans votre esprit et ensuite dans le monde extérieur ».* Cette citation de Robin S.Sharma illustre la dynamique que le FID souhaite impulser à travers ses interventions.

Face aux défis économiques, sociaux et environnementaux, le changement de mentalité constitue la première étape vers une transformation durable. Il s'agit de repenser la manière de concevoir l'avenir, de valoriser les ressources disponibles et d'oser repousser ses limites. L'accompagnement des bénéficiaires, à travers les transferts de compétences, cultive un état d'esprit de croissance, d'innovation et de confiance en soi. Les ménages apprennent à développer une vision, à planifier et identifier les opportunités pour son atteinte, à trouver des solutions créatives, et à devenir des artisans de leur propre succès.

### Investir dans l'humain pour un impact durable

En soutenant les communautés bénéficiaires dans le développement d'activités génératrices de revenus, le FID favorise à la fois l'inclusion économique et la stimulation de l'économie locale pour une amélioration durable des conditions de vie. Ce processus renforce non seulement leur autonomie financière, mais aussi leur dignité et l'estime de soi. Les initiatives locales créent à la fois des emplois directs et indirects, stimule l'économie locale et renforcent la cohésion sociale. La durabilité et la résilience reposent sur avant tout sur le potentiel humain, sa capacité à repenser et à élargir son champ d'actions et à transformer sa vision du possible.

# Tapatapany

# Brèves

**"Fanasoavana sy Mahalomba", kooperativa natsangan'ny mpisitraka ny Asa Avotra Mirindra ao Morombe, Toliara.**

Nanangana ny *"Fanasoavana sy Mahalomba"*, kooperativa miompana amin'ny famokarana sy fivarotana vokatra avy eny ifotony toy ny tantely, tongolo, ary kaonfitiora, ireo mpisitraka ny fandaharanasa Asa Avotra Mirindra. Ny 14 Aogositra, dia nampiseho tamin'ny fomba ofisialy ny asany izy ireo tamin'ny alalan'ny varotra fampirantiana natao tao amin'ny kaominina Antanimeva. Manamarika ny dingana voalohan'ny kooperativa amin'ny varotra io hetsika io. Ny fandraisan'izy ireo anjara amin'ny foara Vez'Tival any Toliara dia maneho ihany koa ny finiavany hanohy sy hampivelatra ny traikefa azony tamin'ny fandaharanasa. Ireo mpisitraka ireo dia miara-mientana mba hanana sandatohitra sy fahaleovantena ara-toekarena.



**"Fanasoavana et Mahalomba", une coopérative fondée par les bénéficiaires du programme Asa Avotra Mirindra à Morombe, Tuléar.**

Les bénéficiaires du programme Asa Avotra Mirindra ont fondé *"Fanasoavana et Mahalomba"*, une coopérative axée sur la production et la vente de produits locaux comme le miel, les oignons et les confitures artisanales. Le 14 août, ils ont lancé officiellement leurs activités lors d'une vente-exposition dans la commune d'Antanimeva, marquant une première étape vers la commercialisation. Leur participation à la foire régionale Vez'Tival de Toliara, démontre leur volonté de pérenniser les acquis du programme, en s'engageant dans une dynamique collective de résilience et d'autonomisation économique

**EAGER : Atrikasa fanamafisana ny fahaizan'ireo mpiantsehatra miandraikitra ny VBG**

Notanterahina ny 23 sy 24 oktobra teao, tao amin'ny Havana Resort Ambohidahy, ny atrikasa fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo mpampiofana amin'ny fitantanana tranga herisetra mifototra amin'ny lahy na amin'ny maha vavy (VBG), ao anatin'ny tetikasa manohana ny fizakan-tenan'ny ankizivavy sy vehivavy - EAGER. Tanjon'ity atrikasa ity ny hanomanana ny fiofanana ho an'ireo mpiantsehatra miandraikitra ny tranga VBG. Nodinihina nandritra ny atrikasa ny momba ny zon'olombelona, ny lalàna sy ny rafitra ara-dalàna, ny fiarovana ny ankizy sy ny olona manana fahasembanana, ary ny fanavaozana ireo fitaovana sy torolalana ampiasaina. Nandray anjara tamin'izany ny MPS, ny FID ary ireo mpampiofana, ka nifampizara sy nanamafy ny fiaraha-miasa ho amin'ny fanatsarana ny kalitaon'ny asa fiahiana mpiara-belona sy fandraisana ireo lasibatry ny herisetra.



**EAGER : Atelier de renforcement de capacité des formateurs certifiés en gestion des cas de VBG**

Les 23 et 24 octobre, un atelier de renforcement de capacité des formateurs certifiés en gestion des cas de violences basées sur le genre (VBG) s'est tenu au Havana Resort Ambohidahy dans le cadre du projet d'Autonomisation des Filles et des Femmes EAGER. L'objectif était de préparer les prochaines formations des acteurs intervenant dans la prise en charge des victimes de VBG. Les discussions ont porté sur les droits humains, le cadre juridique, la protection des enfants et des personnes handicapées, ainsi que la mise à jour des outils. L'atelier, réunissant le MPS, le FID et les formateurs certifiés, a renforcé la coordination et la qualité des interventions en matière de protection et de prise en charge des victimes.

## Sehatra fanatsarana ny famokarana : fikolokoloana ny fahaiza-manao hiposahan'ny fanantenana

Raharimalala Marie Suzanne, vehivavy 49 taona dia nivelona tamin'ny fambolena sy fiompiana teo aloha. Noho ny fandaharanasa Asa Avotra Mirindra dia afaka nihoatra ireo olona nosedrainy izy ary nivoatra hatrany teo amin'ny fiainana. Ankehitriny dia zary lasa fitaratra ho an'ny fiarahamonina ny fikirizany.

Teny anivon'ny sehatra fanatsarana famokarana no nanovozany ny fahalalana mikasika ny teknikam-pambolena maro, isan'izany ny fanamboarana sakafom-biby sy ny zezika. Teny ihany koa no nianarany nitantam-bola sy nanao tahiry. « *Izaho ihany no nianatra nanamboatra ny sakafon'ny biby fiompiko. Nampihena be ny fandaniana izany* », hoy izy sady nirehareha.

Milina fanaovana paty izay notsimponiny teny an-tokontanin'ny mpiray vodirindrina taminy no nanombohany. Ankehitriny, mivarotra ireo vokatra amin'ireo tantsaha hafa ao an-tanàna izy mba hanampiany ny fidiram-bola ao an-tokantrano. Manana vina ny hanangana orinasa lehibe mpamokatra akora biolojika ho an'ny fambolena sy fiompiana i Marie Suzanne.

Raharimalala Marie Suzanne,
mpisitraka ny Asa Avotra Mirindra
Fokontany Antsakoana, Kaominina Amparafaravola,
Distrika Amparafaravola - Alaotra Mangoro.




## *Espaces productifs : là où les compétences se cultivent et les espoirs germent*

Raharimalala Marie Suzanne, 49 ans, vivait auparavant de l'agriculture et de l'élevage. Grâce au programme Asa Avotra Mirindra, elle a transformé les difficultés de son quotidien en véritables opportunités de croissance. Aujourd'hui, elle est devenue un exemple de persévérance au sein de sa communauté.

Au sein des Espaces productifs, Marie Suzanne a appris plusieurs techniques agricoles, notamment la fabrication de provendes et d'intrants agricoles, mais également à gérer ses revenus et à épargner. « J'ai appris à produire moi-même les provendes dont j'ai besoin. Cela a réduit considérablement nos dépenses », témoigne-t-elle, fièrement.

Marie Suzanne a commencé sa production de provendes à partir d'un ancien broyeur abandonné dans la cour du voisin. Aujourd'hui, elle vend ses produits aux autres agriculteurs du village. Visionnaire, elle rêve de créer une grande structure de production d'intrants agricoles biologiques.

Raharimalala Marie Suzanne,
bénéficiaire de Asa Avotra Mirindra,
Fokontany Antsakoana, Commune Amparafaravola,
District Amparafaravola - Alaotra Mangoro

# Haraton'aina : Mifandrindra amin'ny fahaleovantena ara-toekarena ny Tosika fihariana

*Lasa antoka matanjaka ho an'ny fahaleovantena ara-toekarena ny tosika fihariana, tohana ara-traikefa sy ara-bola ho an'ireo mpisitraka ny Asa Avotra Mirindra sy Vatsin'Ankohonana. Noho ireo tantsoroka sy fiofanana maro samihafa avy amin'ireo fandaharanasa ireo dia lalam-piainana maro no lasa fahombiazana tokoa.*

Any amin'ny faritra ambanivohitra maro, porofoin'ireo fandaharanasa Asa Avotra Mirindra sy Vatsin'Ankohonana fa hery manosika ny fampandrosoana ny maha olona sy ara-toekarena ny fiahiana ny mpiara-belona. Manome tantsoroka mikendry ny fanamafisana ny fahaleovantena lavitra ezaka an'ireo mpisitraka ireo fandaharanasa ireo, mihoatra ny fanohanana ara-bola.

Tantsoroka amin'ny lafiny rehetra no azon'ireo mpisitraka. Mahazo fiofanana mikasika ny fitantanana tetikasa, ny fanarahana tetibola, ny teknikam-pambolena sy fiompiana moderina ary ny maro hafa ireo mpisitraka. Ny tanjona amin'izany dia ny ahafahan'ny tokantrano manangana asa fivelomana maharitra, izay afaka mamaly ireo filany manokana sy ireo filan'ny tsena.

Hanatrarana izany tanjona izany, ao anatin'ireo fandaharanasa, dia misy ny tohana ara-bola ho an'ny fampiroboroboana sehatr'asa omena, amin'ny fotoana heverina ho tena ilain'ny mpisitraka azy, izay antsoina hoe *« tosika fihariana »*. Izy io dia manampy ireo mpisitraka amin'ny famoronana na fanamafisana ny asa fihariana, ary manome fahafahana indrindra azy ireo hanova ny fahaiza-manaony ho lasa fidiram-bola azo antoka sy maharitra. Tanjona amin'izany ny hananganana asa fivelomana maharitra mifanaraka amin'ny zava-misy sy ny tinady eny ifotony.



© FID

**Misy fiantraikany azo tsapain-tanana eny anivon'ny fiarahamonina**

Anisan'ny porofo lehibe ny fahombiazan'i Patrick, tovolahy iray avy any amin'ny faritr'i Amoron'i Mania. Mpisitraka ny Asa Avotra Mirindra izy ary ny fambolena mangahazo no tena foto-pivelomany. Rehefa nahazo tosika fihariana izy dia nanapa-kevitra ny hanatavy bitro, karazan-kena tena be mpitady any amin'ny faritra misy azy. Taorian'ny fiofanana azony momba ny fifehezana ny tsena dia nanitatra tsikelikely ny loharanom-bolany amin'io sehatra io izy. Ankehitriny, mitombo sy mivelatra ny fiompiany, ary mikasa ny hampiofana tanora hafa ao amin'ny tanàna izy.

I Liva kosa, renim-pianakaviana iray mpisitraka ny *Vatsin'Ankohonana*, dia nahita fiovana goavana teo amin'ny fiainany taorian'ny nanombohany ny fiompiana gana. Ny tosika fihariana no nanampy azy hanatsara ny fiompiany sy ny fikarakarana azy ireo. Vokatr'izany, manana gana 50 mahery izy ankehitriny, raha 5 fotsiny tany am-piandohana. *« Tombom-barotra zato isan-jato no azoko amin'ireto gana ompiko ireto »* hoy i Liva am-pireharehana. Ankoatra ny fivarotana ny nofony, dia mivarotra atody sy zezika koa izy, izay mampitombo ny fiatraikany ara-toekarenan'ny asany. Lasa loharanom-bola maharitra ho an'ny fianakaviany izany, ka manatsara ny fiainan'izy ireo, na ara-tsakafo, na ara-bola, na ara-tsosialy.

Tohana ho amin'ny fiovam-piainana ny tosika fihariana no sady fototra iray hamoronana fidiram-bola maharitra ho an'ireo mpisitraka ary hanamafisana ny sandantohitra.

# Filets sociaux : Fonds de soutien rime avec autonomie économique

*Le fonds de soutien, bien plus qu'un appui financier, devient un levier d'autonomie pour les bénéficiaires des programmes Asa Avotra Mirindra et Vatsin'Ankohonana. Grâce à un accompagnement personnalisé et des formations pratiques, ces initiatives transforment des parcours de vie en véritables histoires de réussite économique et sociale.*

Dans plusieurs zones rurales et périurbaines, les programmes Asa Avotra Mirindra et Vatsin'Ankohonana démontrent que la protection sociale peut être un véritable moteur de développement humain et économique. Ces programmes offrent un accompagnement structuré visant à renforcer l'autonomie des bénéficiaires sur le long terme, bien au-delà d'une simple aide financière.




© FID

L'approche est multidimensionnelle, les bénéficiaires sont soutenus non seulement sur le plan économique, mais aussi sur les aspects sociaux et humains. Ils reçoivent des formations pratiques sur la gestion de projets, le suivi budgétaire, ainsi que sur des techniques modernes en agriculture et en élevage. L'objectif est clair : permettre aux ménages de mettre en place des activités génératrices de revenus viables, capables de couvrir leurs besoins et de répondre aux demandes du marché.

Dans cette optique, un soutien financier pour l'investissement est octroyé dans le cadre des programmes à un moment stratégique du parcours : le fonds de soutien. Ce dernier permet aux bénéficiaires de démarrer ou de renforcer leur activité, leur offrant les moyens de transformer leurs compétences en revenus stables et durables. L'objectif est de permettre à chacun de développer une activité génératrice de revenus (AGR) durable, adaptée à son contexte et à la demande locale.

**Des impacts tangibles au sein des communautés**

L'histoire de Patrick, un jeune homme de la région d'Amoron'i Mania, constitue une preuve de réussite. Bénéficiaire du programme Asa Avotra Mirindra, il vit de la culture de manioc et a choisi de ne pas se limiter à l'agriculture. Avec le fonds de soutien reçu, il a lancé un projet d'engraissement de lapins, une viande très prisée dans sa région. Après avoir étudié les opportunités du marché, il a vu dans cette activité un moyen d'élargir ses sources de revenus. Aujourd'hui, son petit élevage prospère, et il envisage même de former d'autres jeunes de son village.

De son côté, Liva, mère de famille bénéficiaire de Vatsin'Ankohonana, a vu sa vie changer grâce à l'élevage de canards. Elle a utilisé le fonds de soutien pour améliorer l'alimentation et l'entretien de ses volailles. Résultat : plus de 50 canetons élevés, une production régulière, et un revenu stable, alors qu'elle a démarré avec seulement 5 canetons. « Un bénéfice de cent pour cent, c'est ce que je gagne avec ces canards », confie-t-elle avec fierté. Elle vend la chair, les œufs et même le fumier, ce qui renforce encore davantage l'impact économique de son activité.

Le fonds de soutien agit comme un levier puissant de transformation pour les bénéficiaires, en renforçant leur autonomie et en les accompagnant vers une résilience durable.

## Noho ny fanjaraina dia miroso mankany amin'ny fahaleovan-tena ara-bola i Fleuria

Renim-pianakaviana sahirana no nahalalan'ny olona an'i Manja Fleuria, 25 taona ary manan-janaka iray. Hetahetam-pony hatry ny ela ny hianatra hanjaitra ka ny fanamboarana salaka azo sasana no tena nifantohany rehefa nahazo ny fiofanana tamin'ny tantsoroka Azafady Babako ao amin'ny fandaharanasa Fiavota izy. Mamokatra salaka 10 hatramin'ny 30 isan-kerinandro izy ary mahazo 20 000 ar hatramin'ny 50 000 ar ao anatin'ny volana iray amin'ny famarotana azy ireo. « *Tena ilain'ny vehivavy ny salaka azo sasaina. Mora noho ny salaka ariana izy ary azo averimberina ampiasaina moa mbola malalaka ny tsenany* », hoy izy. Nampihena ny fandanian'ireo vehivavy ao Behara ny asa ataon'i Manja Fleuria.

Amin'ny maha mpikambana azy ao amin'ny KOMIAZA, vondrona iray mampiroborobo ny fiarovana ny zon'ny ankizy, dia manana anjara andraikitra lehibe eny anivon'ny fiarahamonina izy. « *Manentana ny fiarahamonina, ny tanora ary ny ankizy amin'ny ady amin'ny fanambadiana aloha loatra, ny fahadiovana, ny fidiovana ary ny varotra aho* ».

MANJA Fleuria, mpisitraka Fiavota, mpikambana ao amin'ny KOMIAZA amin'ny tantsoroka Azafady Babako
Kaominina Behara, Distrika Amboasary Atsimo - Anosy



© FID

## Grâce à la couture, Fleuria trace son chemin vers l'indépendance économique

À 25 ans, Manja Fleuria, mère d'un enfant et résidant à Behara, rêvait d'apprendre la couture pour améliorer ses conditions de vie. Grâce à la formation en couture dans le cadre de l'approche Azafady Babako du programme Fiavota, elle a pu concrétiser ce rêve en se spécialisant dans la fabrication de serviettes hygiéniques lavables. En produisant 10 à 30 serviettes par semaine, la vente lui rapporte entre 20 000 ar et 50 000 ar en un mois. « *Les serviettes hygiéniques lavables sont utiles pour chaque femme. Elles sont réutilisables, donc plus économiques, et leur marché reste ouvert* » explique-t-elle. Avec cette activité initiée par Manja Fleuria, les dépenses de la communauté féminine de Behara se trouve réduite.

Notre entrepreneure en herbe ne s'arrête pas là. En tant que membre du groupe KOMIAZA, un collectif qui promeut la protection des droits des enfants, elle joue également un rôle moteur dans sa communauté. « *Je sensibilise la communauté, les jeunes et les enfants à la lutte contre le mariage précoce, l'hygiène, la propreté mais aussi le commerce* ».

MANJA Fleuria, bénéficiaire de Fiavota, membre du KOMIAZA dans l'approche Azafady Babako
Commune Behara, District Amboasary Sud - Anosy

## Fanontaniana 3 ho an'i ... / 3 questions à ...

# Jean Efrahim

*mpisitraka / bénéficiaire Asa Avotra Mirindra - Namorona, Manakara, Fitovinany*

### 1.Inona no nahatonga anao nilofotra tamin'ny fambolena mananasy ?

Zanak'olona tena sahirana aho. Tsy nahavidy mananasy izany mihitsy izahay fony mbola kely, fa mangataka amin'olona vao mba mihinana kely. Tsaroako fa lafo ny mananasy tamin'izany, ka mitsiriritra no azonay atao. Nanonofy aho tamin'izany hoe raha mba izaho no lasa mpamokatra mananasy, mba tsy hijaly ohatra izao intsony. Nanomboka namboly tsikelikely aho rehefa lehibe, na dia mbola tsy nahay teknikam-pambolena aza.



© FID

### 1. Qu'est-ce qui vous a poussé à vous lancer dans la culture de l'ananas ?

Je viens d'une famille pauvre. Quand j'étais enfant, nous n'avions pas les moyens d'acheter des ananas. Pour en goûter, il fallait en demander aux autres. Je me souviens que c'était un fruit rare pour nous, presque un rêve, car il coûtait trop cher. Depuis, je me suis promis qu'un jour, je deviendrais moi-même producteur d'ananas, pour ne plus jamais ressentir ce manque. En grandissant, j'ai commencé à en cultiver petit à petit, même si je ne maîtrisais pas encore les bonnes techniques agricoles.

### 2. Ahoana no nahafahanao nampivelatra ny fambolenao ?

Maro ny teknikam-pambolena nampianarina anay tato amin'ny Asa Avotra Mirindra : ny voly kajaha, legioma, ... ny fanajariana ny tanety ary ny fambolena mananasy ihany koa ho fiarovana ny tany tsy hiotsaka. Nampihatra maro tamin'ireo teknika ireo aho ary nifantoka kokoa tamin'ny mananasy satria io no efa nataoko teo aloha, ka tiako hatsaraina. Rehefa nandray ireo vatsy ara-bola aho dia nividy loha-mananasy ary nampitombo ny famboleko, izay efa mahatratra 4 000 fototra amin'izao.

### 2. Comment vous êtes-vous développé dans cette culture ?

Grâce au programme Asa Avotra Mirindra, nous avons appris plusieurs techniques agricoles : la culture de manioc et de légumes, l'aménagement des terrains, ainsi que la plantation d'ananas pour protéger le sol contre l'érosion. J'ai mis en pratique plusieurs de ces méthodes, mais je me suis surtout concentré sur la culture d'ananas, pour développer et améliorer ce que j'avais déjà. Avec l'appui financier reçu, j'ai pu acheter des têtes d'ananas pour agrandir ma plantation, qui compte aujourd'hui environ 4 000 pieds. .

### 3. Manao ahoana ny firoborobon'ny asanao ankehitriny ?

Tena tsara sy betsaka ny vokatra, mahatratra 2 kilao eo ny mananasy iray. Mahatratra 8 000 isa eo ny vokatra ankehitriny raha 4 000 isa izany tany am-piatombohana. Tsy arako samirery ny mivarotra eny an-tsena, fa ety amin'ny fokontany ihany aho no mivarotra. Mpaninjara tsy latsaky ny telopolo no mividy amin'ny ambongadiny amiko ka mivarotra ireo indray amin'ny tsena hafa. Lasa mpamatsy mananasy ato amin'ny kaominin'i Namorona aho ankehitriny. Misy mpandray ambogadiny any Mananjary ihany koa manjifa aty amiko mba ho amidiny any. Tsy izaho irery ihany no nahazo tombony amin'ity famboleko mananasy ity. Manampy mamelona ny tambanjotran'ireo mpivarotra madinika izy io ary mandray anjara amin'ny fanetsehana ny fiarahamonina.

### 3. Quelle est, actuellement, l'étendue de votre activité ?

Les récoltes sont excellentes : les ananas sont gros, nombreux et ils pèsent près de 2 kg chacun. Au début, je ne récoltais qu'environ 4 000 ananas. Aujourd'hui, ma production atteint près de 8 000 pièces. Le volume est tellement important que je ne peux plus les écouler seul au marché, alors je les vends directement ici, dans le fokontany. Près d'une trentaine de commerçants viennent désormais acheter en gros chez moi, avant de les revendre sur différents marchés environnants. Je suis devenue fournisseur d'ananas dans la commune de Namorona. Un grossiste de Mananjary vient même s'approvisionner chez moi pour revendre dans sa région. Je ne suis pas le seul à pouvoir tirer profit de cette plantation. Elle fait vivre tout un réseau de petits commerçants et contribue au dynamisme de la communauté

## Mijery lavitra ho an'ny fahombiazana : ireo tokantrano no mamolavola ny lalan'ny fiovany

Mba hahafahan'ireo tokantrano marefo manatsara amin'ny fomba maharitra ny fari-piainany, dia ilaina ny fanovana fihetsika sy fomba fisaina ary ny fametrahana vina mazava ho an'ny ho avy. Izany indrindra no tanjon'ny *"Développement Orienté Résultats/ Gender Action Learning System"* (DOR/ GALS) izay ampiharin'ny FID eo anivon'ny vondrom-piarahamonina, amin'ny fanatanterahana ny tetikasa *"Haraton'aina"*.



© FID

Amin'ny alalan'ny fitaovana tsotra sy iaraha-mandray anjara, dia mianatra miaraka mandinika ny zava-misy iainany ny ankohonana, mamantatra ny fahaiza-manaony, mametraka tanjona azo tratrarina ary mandrafitra dingana mazava hanatanterahana izany. Ohatra ho fanamafisana ny fivelomany, ny tokantrano iray dia manapa-kevitra hividy omby ka manao tahiry isam-bolana ho an'izany : izany hetsika izany dia manampy azy ireo handrindra ny fivoarany, na eo amin'ny lafiny toekarena na eo amin'ny fiarahamonina.

Amin'ny alalan'ny fampiroboroboana ny fitovian-jo eo amin'ny vehivavy sy ny lehilahy, ny DOR/GALS dia manamafy ny firaisan-kina ao an-tokantrano, ny fandraisana anjara amin'ny fanapahan-kevitra ary ny fandraisan'andraikitry ny tsirairay. Rehefa ampifandraisina amin'ny rafitra fiahiana ara-tsosialy izany dia tsapa fa manohana ny sandatohitra ara-toekarena, ary manentana ireo ankohonana ho tompon'antoka feno amin'ny hoaviny, ho an'ny fampandrosoana mampiaty sy maharitra.

# Se projeter pour réussir : les familles tracent leur propre trajectoire de changement

Pour améliorer durablement leurs conditions de vie, les ménages vulnérables doivent faire évoluer leurs comportements et construire une vision claire de leur avenir. C'est tout l'enjeu de l'approche "Développement Orienté Résultats/Gender Action Learning System" (DOR/GALS), mise en œuvre, par le FID, au cœur des communautés dans le cadre de l'opérationnalisation du projet *"Filets de Sécurité et de Résilience".*

À travers des outils simples et participatifs, les ménages apprennent à réfléchir ensemble, analyser leur situation, identifier leurs capacités, définir des objectifs réalistes et planifier les étapes pour les atteindre. Une famille peut par exemple décider d'acheter un zébu, pour renforcer ses moyens de subsistance, en épargnant mensuellement : une initiative qui les aide à organiser leurs progrès, tant sur le plan économique que social.

En promouvant l'égalité entre femmes et hommes, cette approche renforce également la cohésion familiale, la prise de décision collective et l'engagement de chacun. Combinée aux dispositifs de protection sociale, elle soutient la résilience économique et encourage les ménages à devenir les artisans de leur propre progrès, pour un développement inclusif et durable.



© FID

## Fanontanianao ?

**Inonaavy ireo asa " Fiahiana mpiara-belona tsy mitaky fandraisana anjara ara-bola " , tanterahan'ny FID ?**

Ny asa tanterahana ao anatin'ny « fiahiana mpiara-belona tsy mitaky fandraisana anjara ara-bola » dia ahitana ny *« fanohanana sy tantsoroka ».*

Ny « fanohanana » dia ahitana vatsy ara-bola tsy misy tambiny ho an'ireo ankohonana, mahantra sy marefo, ka mamaly ireo filàny fototra ary hivoarany amin'ny fiainana mendrika kokoa.

Misy koa ireo *« tantsoroka »* ho an'ny fanjariantsakafo, ny anabeazana, ny fahasalamana, ny fahafahana mamokatra sy fihatsaram-piainana.

## *Vos questions ?*

**Quelles sont les activités dans le cadre de la protection sociale non-contributive, mise en oeuvre par le FID ?**

Les interventions dans le cadre de la Protection sociale non-contributive consistent en l'assistance sociale et la fourniture de services d'actions sociale.
L'assistance sociale comprend les transferts monétaires non-contributifs qui soutiennent les ménages vulnérables à satisfaire leurs besoins fondamentaux et à progresser vers un mieux-être.

Les services d'action sociale promeuvent l'accès des communautés extrêmement vulnérables aux services de nutrition, d'éducation, de santé, de capacité productive ou de bien-être psychosocial.

*https://www.fid.mg/foire-aux-questions/*

# Hita tany ho any

## Ireo politika sy fandaharanasa toy ny Pfumvudza/ Intwasa dia manampy amin'ny fampiroboroboana ny fambolena mitahiry ny tontolo iainana any Zimbabwe

Araka ny fanadihadiana vao haingana, dia hita fa zava-dehibe ny politika sy ny rafitra fanohanana amin'ny fanampiana ny tantsaha hampihatra ny fomba fambolena mitahiry ny tontolo iainana any Zimbabwe. Ireo fandaharanasa toy ny Pfumvudza/ Intwasa dia lasa malaza noho ny fandraisany anjara amin'ny fampiroboroboana ny fambolena maharitra, izay mikendry ny hampitombo ny vokatra sady miaro ny tany sy ny tontolo iainana. Ny fahombiazan'ireo hetsika ireo dia miankina betsaka amin'ny politika mazava sy mahomby, izay manampy ny tantsaha hanaraka sy hanohy ireo fomba fambolena ireo.

Ny fambolena mitahiry ny tontolo iainana dia mifantoka amin'ny fomba fanao toy ny fampihenana ny fanakorontanana ny tany, ny fifandimbiasam-boly ary ny fitazomana ny zavamaniry manarona ny tany mba hiarovana ny fahasalaman'ny tany sy hanatsarana ny vokatra.



Any Zimbabwe, ireo fandaharanasa Pfumvudza/Intwasa ireo dia napetraka hiatrehana ny tsy fahampian-tsakafo sy ny fiantraikan'ny fiovan'ny toetrandro amin'ny fambolena. Ireo fandaharanasa ireo dia manome vahana ny fandraisan'ireo tantsaha madinika anjara sy manohana indrindra azy ireo, amin'ny alalan'ny fanofanana, fanomezana fitaovana, ary fandrisihana. Na izany aza, araka ny fanamarihan'ny mpikaroka, dia ilaina ny politika matanjaka mba haharetan'ny fampiharana ireo fomba vaovao ireo amin'ny famahana ireo sakana mifandraika amin'ny fahafahana manjifa ireo akora sy fitaovana, ny fampielezana fahalalana, ary ny fanohanana ara-bola ho an'ny tantsaha. Ny fanadihadiana dia manasongadina fa ilaina ny fiarahamiasa akaiky eo amin'ireo rafitra miankina amin'ny fanjakana sy tsy miankina ary ny fiarahamonina eny ifotony, mba hanamafisana ny fanohanana ny fambolena mitahiry ny tontolo iainana manerana ny firenena.

# Vu ailleurs

## Des politiques et des programmes tels que Pfumvudza/Intwasa favorisent l'adoption de l'agriculture de conservation au Zimbabwe

Une analyse récente souligne l'importance des politiques et des cadres institutionnels dans le soutien aux pratiques d'agriculture de conservation au Zimbabwe. Des programmes tels que Pfumvudza/Intwasa ont attiré l'attention pour leur rôle dans la promotion de techniques agricoles durables, qui visent à améliorer la productivité agr icole tout en préservant la santé des sols et en réduisant l'impact environnemental. Le succès de ces initiatives repose en grande partie sur l'élaboration et la mise en œuvre de politiques efficaces qui créent des conditions favorables à l'adoption et au maintien des méthodes d'agriculture de conservation par les agriculteurs.

L'agriculture de conservation se concentre sur des pratiques telles que la perturbation minimale des sols, la rotation des cultures et le maintien de la couverture végétale afin d'améliorer la durabilité de l'agriculture. Au Zimbabwe, des programmes tels que Pfumvudza/Intwasa ont été mis en place pour relever des défis tels que l'insécurité alimentaire et les effets du changement climatique sur l'agriculture. Ces programmes mettent l'accent sur la participation des petits exploitants agricoles et leur apportent un soutien sous forme de formations, de ressources et d'incitations. Cependant, les chercheurs soulignent que des cadres politiques solides sont essentiels pour garantir l'adoption à long terme de ces techniques en s'attaquant aux obstacles tels que l'accès aux intrants, la diffusion des connaissances et les mécanismes de soutien financier. L'évaluation souligne la nécessité d'une coordination des efforts entre les agences gouvernementales, les organisations non gouvernementales et les communautés locales afin de renforcer le soutien institutionnel à l'agriculture de conservation dans tout le pays.

*Sources : https://www.geneonline.com/policies-and-programs-like-pfumvudza-intwasa-drive-conservation-agriculture-adoption-in-zimbabwe/*